FANAMBARANA MOMBA NY FANAVAOZANA ISAN-TAONA NY LISITRY NY MPIFIDY NANOMBOKA NY 1 DESAMBRA 2023 KA HATRAMIN'NY 15 FEBROARY 2024

Antananarivo, faha 19 febroary 2024

Ny fanarahamaso ny fanavaozana isan-taona ny lisitry ny mpifidy nataon'ny SAFIDY dia nampiseho fa nitombo 11,7% ny fisoratana anarana raha oharina tamin'ny lisi-pifidianana vokatry ny fanavaozana tanteraka (refonte) ny taona 2023. Ny tahan'ny fisoratana anaran'ny vehivavy sy ny tanora no mbola ilana ezaka. Nanamarika ihany koa ny SAFIDY, fa marefo ary tsy ampy ny fandraisana anjaran'ny firaisamonimpirenena sy ny antoko politika ao amin'ny Vaomiera eo an-toerana misahana ny fanisana ny mpifidy na(CLRE)

Fomba fiasa

Ho fitondrana ny anjara biriky amin'ny fanatsarana ny fanatanterahana ny RALE 2023-2024 sy ny taham-pisoratana anaran'ny olom-pirenena ao anatin'ny lisitry ny mpifidy, ny Sampana fanarahamaso ny fifidianana SAFIDY dia nanaramaso fokontany miisa 772 tamin'ny distrika 109, kaominina 240 ary faritra 23, ny 15 febroary 2024 lasa teo, izay mifanaraka amin'ny daty famaranana vonjimaika ny lisitry ny mpifidy eo anivon'ny CLRE.

SAFIDY dia nanaparitaka 736 mpanaramaso ahitana, 65% ny tanora, 50% vehivavy ary 6% olona manana fahasembanana. Ireo mpanaramaso ireo dia misolotena fikambanana 275 avy amin'ny firaisamonimpirenena.

Eo amin'ny sehatra nasionaly :

- Misy ny foibem-panangonana sy fikarakarana ireo angom-bokatra voaangona, ahitana mpahay sy mpandinika arakajimirindra;

- Misy ny foibe mandray ny fanamarihana amin'ny alalan'ny laharana maitso.

Fanamarihana ankapobeny

SAFIDY dia manamarika ireto teboka manaraka ireto:

- 94,8% ny fokontany narahimaso no manana CLRE;
- Nahitana fiakarana 11,7% ny fisoratana anaran'ny olompirenena ao amin'ny lisitry ny mpifidy teo anelanelan'ny 1 Desambra 2023 sy ny 15 Febroary 2024;
- 42%-n'ny olompirenena vao nisoratra anarana ao anatin'ny lisitry ny mpifidy dia vehivavy avokoa;
- 12,4% amin'ny CLRE no tsy nanana didy fanendrena ho mpikambana;
- 89% amin'ny mpikambana ao amin'ny CLRE no milaza fa nahazo fiofanana momba ny fizotran'ny RALE;
- Marefo ny fandraisan'anjaran'ny firaisamonimpirenena sy ny antoko politika eo anivon'ny CLRE, toy izany ihany koa ny tanora sy ny olona manana fahasembanana;
- Teo amin'ny 75% ny fokontany no nanamarihan'ny SAFIDY ny fisian'ny fivoriana mikasika ny fampidirana sy/na famafana ny mpifidy ao anatin'ny lisitry ny mpifidy;
- 57% n'ny fokontany nanaovana fanarahamaso no nanamafy ny tsy fisian'ny fepetra fanamorana ny fisoratana anarana ho an'ny olona manana fahasembanana.

Vokatry ny fanarahamaso

Toy izao àry ny vokatra hita araka ny fanarahamaso natao:

- **Niakatra 11,7% ny isan'ny mpifidy voasoratra anarana raha oharina tamin'ny voasoratra nandritra ny fanavaozana tanteraka ny lisitry ny mpifidy.**

Analamanga no nahitana mpifidy vaovao nisoratra anarana be indrindra, nahatratra 51 423 izany hoe 35% ny fisoratana anarana narahamaso. Vatovavy(628), Ihorombe(704), Betsiboka(724) kosa no faritra ambany ny isan'ny mpifidy vaovao nisoratra anarana.

- **Fanajana amin'ny ampahany ireo fepetra voalazan'ny lalàna**

Tsy nitovy ny fametrahana CLRE eran'ny fokontany manerana ny Nosy, na dia nisy aza ny RALE tamin'ireo fokontany narahan'ny SAFIDY maso. Tamin'ireo fokontany narahamaso, dia, 5,2% no hita fa tsy misy CLRE ny fokontaniny izay mifanipaka amin'ny lalàna velona misy. Diana (72,7%) SAVA (77,8%) ary ANOSY (78,3%) no faritra tena nahitana izany tsy fisiana CLRE izany, izay heverina fa hisy fiantraikany ny amin'ny mety ho tsy fangaraharana sy tsy fahatokian'ny mpifidy ao anatin'izao fanavaozana ny lisitra izao.
12,4% ny CLRE narahamaso ihany no voatsangana araka ny lalàna, izany dia mety hanelingelina ny fandehanan'ny asan'ny komity mpanisa mpifidy amin'ny ara-dalàna.

- **Fitombon'ny fandraisana anjara ny vehivavy nandeha nisoratra anarana, ary tsy fahitana firy ny tanora**

Na dia voaentana mafy aza ny vehivavy mba hisoratra anarana, dia tsapa kosa fa nalaina ny tanora amin'ny ankapobeny, izay tena mbola mila ezaka mafy mba hidiran'izy ireo bebe kokoa ao anatin'ny tontolon'ny fifidianana. 42% ny mpifidy vaovao nisoratra anarana dia vehivavy tao anatin'ny lisitry ny mpifidy narahan'ny SAFIDY maso.

- **Tsy fisian'ny ny angondrakitra ara-panjakana sy ara-pifidianana momba ny olona manana fahasembanana**

Tsy voaray an-tanana ara-dalàna ny angondrakitra mahakasika ny olona manana fahasembanana hatreto. Midika izany fa maika ny fampiatiana sy ny fanentanana mba hiantohana ny fandraisany anjara feno ao anatin'ny tontolon'ny fifidianana. Raha araka ny valin'ny fanarahamaso natao dia 7% ny mpikambana ao amin'ny CLRE no misy olona manana fahasembanana. Maneran-tany, dia misolo tena ny 15% amin'ny mponina amin'ny ankapobeny ny olona manana fahasembanana. Ity fahatarana ity dia manasongadina fanamby maharitra amin'ny fampandraisana anjara ny rehetra ao anatin'ny zotram-pifidianana
42,3% ny CLRE narahamaso ihany kosa no nilaza fa nametraka fomba fiasa manamora ny fisoratana anaran' ireo olona manana fahasembanana.

- **Fahavitsian' ny tanora sy ny vehivavy mandrafitra ny CLRE**

Tsy ahitana taratra loatra ny fahasamihafana ara-tsosialy sy mombamomba ny mponina ny mpikambana ao amin'ny CLRE. 34% ny mpikambana ihany no tanora , 37,6% ny vehivavy. Izao tsy fahitana loatra ny fisoloanten'izy ireo izao dia manamafy ny tsy fampiatiana ny rehetra manoloana ny tontolon'ny fifidianana, ka mety hitarika tsy fisian'ny marimaritra iraisana sy ny fomba fijery samy hafa ary ny maha-ara-drariny ny fanapahan-kevitra tokony horaisin'ny CLRE.

- **Fahavitsian'ny solontenan'ny firaisamonimpirenena sy ny antoko politika**

Mety hiatraika amin'ny tsy fangaharaharan'ny lisitry ny mpifidy ny fahavitsian'ny solontenan'ny firaisamonimpirenena sy ny antoko politika eo anivon'ny CLRE. Eo ho eo amin'ny 20% ny mpikambana amin'ny CLRE no avy amin'ny firaisamonimpirenena, raha toa ka 8% ihany ny avy amin'ny antoko politika. Eny fa na dia tsy takian'ny lalàna aza anefa izany, dia mety hitarika fanohintohinana ny fahasamihafan'ny fomba fijery sy ny maha-zavadehibe ny fandraisana fanapahan-kevitra ataon'io vaomiera io.

- **Fiankinandoha ny CENI amin'ny mpiasan'ny minisiteran'ny Atitany**

Ny filohan'ny fokontany sasany dia tsy nety nizara vaovao, araka ny toromarika avy amin'ny ambaratongam-pahefana eo amboniny. Io fandavana io dia mampivoitra ny fifangaroan'ny satan'ny CLRE amin'ny maha sampan'ny Vaomieram-pirenena mahaleo tena misahana ny fifidianana (CENI) azy, sy ny andraikitr'izy ireo eny anivon'ny fokontany, izay tarihin'ny tomponandraikitra avy amin'ny minisiteran'ny Atitany. Io toe-javatra io dia mampiseho ny mety ho fiankinandohan' ny CENI amin'ny minisiteran'ny Atitany, indrindra ny momba ireo olona ampiasainy amin'ireo rantsamangaikany. Mitohy hatrany ny olana mikasika ny tsy fahazoana vaovao malalaka.

Hisy famoahana fanambarana faharoa momba ny RALE, izay havoaka amin'ny fiafaran'ny dingana, aorian'ny 15 Mey 2024, izay famaranana ny lisitry ny mpifidy farany.

Ny sampana fanarahamaso SAFIDY dia rafitra mahaleo tena, tsy miandany, manana fahaiza-manao ara-teknika amin'ny fandinihana ny zotram-pififidianana. Ny tanjony dia ny hanangona sy hamakafaka ny angom-bokatra sy ireo tranga misongadina amin'ny fanatanterahana ny fifidianana, ny famoahana ny zavatra hitany ary ny tolo-kevitra ara-teknika. Amin'ny fanajana ny foto-kevitra fototra toy ny tsy fitanilana sy ny tsy fiandaniana ara-politika, ny SAFIDY dia mandinika ny fizotry ny fifidianana manontolo tamin'ny fifidianana filoham-pirenena ny taona 2023, sy ny fifidianana solombavambahoaka sy kaominaly 2024. Tanjona amin'izany ny handray anjara amin'ny fampangaraharana ny zotra-pifidianana manaraka eo.

Ny sampana fanarahamaso SAFIDY dia tohanan'ny vondrona eropena ara-bola. Ny votoatin'ity fanambarana ity dia andraikitry ny SAFIDY sy ireo fikambanan'ny firaisamonimpirenena manaraka ireto: AIM, PFNOSCM-Vohifiraisana, DRV,YMCA,FTMF,CEDII,MSIS TATAO, ONG Ravintsara, ONG Ivorary sy Alliance Voahary Gasy ary tsy azo heverina ho maneho ny fomba fijerin'ny Vondrona Eropeana.